


# Fanambarana ny amin'ny helo

Nisy tanora 7 nivondrona niara-nentin'ny tompo hitsidika ny helo.
(Nalaina tamin-drakipeo amin'ny fiteny espagnole. Ny kisary mandravaka dia nampiana taty aoriana fa tsy anisan'ireo fijoroana.Noho ny haratsian'ny fandraisam-peo dia fijoroana 6 ihany no afaka nadika.)
http://www.DivineRevelations.info/MALAGASY

## (Fijoroana voalohany)

**(Lioka 16:19-26)**
***"Nisy lehilahy manan-karena anankiray niakanjo volomparasy sy rongony fotsy madinika* sady nanaram-po fatratra isanandro tamin'ny fahafinaretana. *Ary nisy olo-malahelo ferena anankiray atao hoe Lazarosy napetraka teo anilan'ny vavahadiny; ary naniry mba hihinana izay latsaka avy tamin'ny latabatr'ilay manan-karena izy, fa ny alika kosa no avy ka nilelaka ny feriny. Ary maty ilay malahelo, dia nentin'ny anjely ho any an-tratran'i Abrahama; ary maty koa ilay manan-karena, dia nalevina. ary raha nijaly tao amin'ny fiainan-tsi-hitaizy ka niandrandra, dia nahita an'i Abrahama teny lavitra eny sy Lazarosy teo an-tratrany. Ary izy niantso ka nanao hoe: Ry Abrahama raiko ô, mamindrà fo amiko, ka iraho Lazarosy mba hanoboka ny tendron'ny rantsan-tanany amin'ny rano mba hampangatsiaka ny lelako; fa fadiranovana aho eto anatin'ity lelafo ity. Fa hoy Abrahama: Anaka, tsarovy fa hianao efa nahazo ny zava-tsoanao tamin'ny andro niainanao, ary Lazarosy kosa ny zava-dratsy; fa ankehitriny izy no ampifalina aty, ary hianao kosa no fadiranovana. Ary mihoatra noho izany rehetra izany, misy tevana makadiry ajadona ao anelanelantsika, mba tsy ho afa-mita hankeny aminareo izay te-hiala ety, ary tsy ho afa-mita hankety aminay izay eny."***

Mazava tsara ny ambaran'ny tenin'Andriamanitra (ny baiboly) momba ny lanitra sy ny helo. Amin'ilay andinin-teny vao hitantsika teo dia miresaka zavatra 2 ny Tompo, ny lanitra sy ny helo; ny fanamelohana sy ny famonjena. Tsy misy marimaritra iraisana, Tsy misy afo fandiovana, ny « limby », ilay toera-malaza itobian'ny olona alohan'ny hankanesany any an-danitra dia tsy misy ihany koa. Mazava ny ambaran'ny baiboly ny amin'io.

***(11/04/1995)***

Nomen'Andriamanitra fanambarana nanova tanteraka ny fiainanay izahay raha vao nanomboka nahalala azy sy ny teniny.Zatovo 7 izahay, ary nomen'Andriamanitra fahasoavana manokana sy andraikitra lehibe hizara amin'izao tontolo izao ity fanambarana ity.

Tamin'ny 10 maraina teo ho eo no nian-dohan'ny rehetra.Nivavaka izahay ary nanomana ny fitsangatsanganana hataonay ny atoandron'io.Tampoka teo anefa, tokony ho tamin'ny 10 maraina dia nisy hazavana fotsibe avy teo am-baravarankely.Rehefa nitranga io hazavana io dia niteny amin'ny fiteny tsy fantatra avokoa izahay ary samy natao batisan'ny fanahy masina.

Talanjona sy gaga izahay rehetra tamin'io ny amin'izay hitanay.Nameno tanteraka ny trano io hazavana feno voninahitra io, mazava noho ny masoandro.Ary teo afovoany nisy vahoakan'anjely tsara endrika sy bika, sady lofosana izy ireo no tsara tarehy aoka izany.

Ary teo afovoan'izy ireo nisy zavatra tsy mampino, endrik'olona miavaka tokoa.Manao akanjo lava mifono akanjo fotsy, mivolom-bolamena ny volony.Tsy hitanay ny endriny noho ny tanjaky ny hazavany.Hitanay kosa anefa fa manao fehintratra volamena izy izay misy soratra volamena hoe "*mpanjakan'ny mpanjaka, tompon'ny tompo"*. Misy kapa volamena ny tongony ary tsy misy mitaha aminy amin'ny hatsaran-tarehy.Rehefa nahita ny fanatrehany izahay dia tafandohalika daholo.
Ary nanomboka renay ny feony niavaka sy kanto tokoa, ny Teniny rehetra dia nanindrona ny fonay toy ny sabatra 2 lela, tena toy ilay voalaza ao amin'ny Teny (Hebreo 4:12). Niresaka taminay tamin'ny fomba tsotra izy nefa mahery, renay mazava tsara ny feony nanao hoe: "***Ry zanako izany, aza matahotra, i Jesosy avy any Nazareta ity, tonga eto aho haneho anareo misitery izay hotantarainareo amin'ny tanàna, ny firenena, ny fiangonana ary ny toerana samihafa Izay toerana anirahako anareo dia andehano fa izay andrarako kosa aza aleha.***"

Hoy ny baiboly masina, ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Joela 3:1 " *Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahi-antitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana.*"
Izany no fotoana omanin'Andriamanitra ho an'i olon-drehetra.

Ary nisy trangan-javatra nahagaga.Nisy harambato niforona teo afovoan-trano.Ary ny Tompo izay niaraka taminay nampipetraka anay teo amboniny.Tokony ho 20 cm miala amin'ny tany eo ny haavon'ilay harambato.Ary nisy goaka lehibe teo amin'ny gorodona.Lava-bato lehibe maizina sady mampatahotra.Ary nianjera avy teo amin'ilay haram-bato izahay ka niditra tao anatin'ilay lavaka. Tonga maizin-kitroka ny tontolo ary nentina tany afovoan'ny tany izahay.

Natahotra mafy izahay rehefa tafiditra tao anatin'io aizim-pito io ka nanao tamin'ny Tompo hoe: "*Tompo ô! Tsy te-ho any amin'io toerana io izahay, raha mety aza entina any! Avoahy tato izahay ry Tompo*!" Fa ny Tompo nitsiky sady namaly anay tamim-pitiavana hoe: "***Ilainareo ny miaina izao mba hitantaranareo amin'ny hafa."***

Tao anaty tonelina miendrika tandroka izahay.Ary nanomboka nahita aloka, devoly sy zavatra hafa nivezika etsy sy eroa.Vao may izahay nidina tany amin'ny lalina hatrany. Segondra vitsy monja dia nahatsapa fahafoanana sy tahotra mafy.

Nony farany dia tonga teo ankaiky ny lavabato vitsivitsy misy varavarana mahatsiravina.Toy ny feno efitrefitra mifampitohitohy, mahavery no fijery azy.Tsy te-ho any anatiny izahay. Izahay koa nandre fofona maharikoriko sy hafanana mamaivay.Rehefa tafiditra izahay dia nahita zava-doza, sy kisary mampatahotra.Atelin'ny lelafo tanteraka ilay toerana ary misy olona amanetsiny maro mijaly mafy eo afovoany.Nampatahotra anay fatratra io fahitana io ka tsy tianay ho hita izay natoro anay.

Mizarazara ho fari-pampijaliana maromaro io toerana io.Ny iray tamin'ireo toerana nasehon'ny Tompo

anay voalohany dia izay nantsoinay hoe: « **lohasaha-bilanibe** ".Amanapitrisany ireo vilanibe miraikitra amin'ny tany; izay samy misy ranona volkano mangotrakotraka. Ao anatin'ny vilany tsirairay dia samy misy fanahin'ireo very any amin'ny helo tao aorian'ny nahafatesany.
Amin'ny fotoana ahitan'ireo fanahy ireo ny Tompo dia manomboka mikiakiaka sy miantsoantso mafy izy rehetra hoe: "Tompo ô! mba iantrao izahay, Tompo ô! Mba omeo alàlana farany hivoaka amin'ity toerana ity, Tompo ô! Avoahy tato aho fa holaizaiko amin'izao tontolo izao fa tena misy marina ity toerana ity "Fa ny Tompo tsy mijery azy ireo akory. Lehilahy sy vehivavy ary tanora amanapitrisany maro izy.Izahay koa nahita sôdomita sy mpimamo miaritra fampahoriana mafy. Hitanay izy ireo fa mikiakiaka mafy noho ny hirifiry manjo azy.

Nivarahontsana izahay raha nahita ny fahapotehan'ny vatan'izy ireo.Ny kankana miditra sy mivoaka amin'ny vavany, ny sofiny, ny masony efa foana. Izy ireo koa dia mandavandavaka amin'ny vatany. Mifanaraka tsara io amin'ny ambaran'ny Isaia 66:24 *Ary hivoaka izy ireny ka hijery ny fatin'ny olona izay efa niodina tamiko;fa ny kankany tsy ho faty, ary ny afony tsy hovonoina,ary hataon'ny nofo rehetra ho fahavetavetana izy.sy ao amin'ny* Marka 9:44 *" ny kankany tsy maty, ary ny afo tsy vonoina.*"
Nihorohoro ara-bakiteny izahay ny amin'izay natrehinay. Tokony ho 3 hatramin'ny 5 m ny haavon'ny lelafo. Ary isaky ny lelafo iray dia misy fanahin'ireo maty ka very any amin'ny helo.



Ary navelan'ny Tompo hijery fanahin-dehilahy iray izay tao anatin'ny iray amin'ireo vilanibe izahay. Mitsingoloka izy sady miraradraraka ny nofon-tarehiny.Tsy mihetsika izy no sady mandinika ny Tompo fatratra Ary nanomboka niantsoantso sy nikiakiaka izy hoe: "Jesosy Tompo ô! Miantrà, omeo famindram-po farany ka avoahy tato" Fa ny Tompo tsy te-hijery azy.Nitodi-damosina taminy fotsiny izy.Rehefa nanao izany I Jesosy dia nanomboka nozoniny ka noteneniny ratsy ny anarany.Tsy iza io fa i John Lennon, mpikambana ao amin'ny mpanao mozikan-devoly nantsoina hoe: "Les Beatles".I John Lennnon dia nihomehy sy naneso ny Tompo fony fahavelony.Nambarany tamin'izany fa hanjavona ny finoana kristiana ary hohadinoin'ny rehetra I Jesosy.Kanjo izy no any amin'ny helo fa I Jesosy kosa mbola velona. Tsy foana koa ny finoana kristiana.

Nony nandeha tamin'ny moron'io toerana io izahay dia niezaka naninjitra ny tànany hankaty aminay ireo fanahy, niangavy fangorahana.Niangavy ny Tompo izy ireo mba havoaka saingy izy tsy te-hijery azy.
Ary nanomboka nijery faritra samihafa izahay ka tonga tao amin'ny toerana misy ny fampahoriana mafy indrindra dia ny ivon'ny helo. Eo no itambaran'ny fampahoriana rehetra, fijaliana tsy hain'olona hazavaina. Ao no ametrahana ireo nahalala an'i Jesosy sy ny Tenin'Andriamanitra: Mpitandrina, evanjelisitra, misionera sy karazan'olona toy izany izay efa nandray an'i jesosy fahiny sady efa nahalala ny marina nefa niaina fiainan-droa.

Ao koa ireo niverin-dàlana, arivo heny ny fahorian'izy ireo miohatra amin'ny hafa rehetra. Nikiakiaka famindram-po mafy tamin'ny Tompo izy ireo nefa hoy ny Teny ao amin'ny Hebreo 10:26-27, "*Fa raha minia manota isika rehefa nahazo ny fahalalana tsara ny marina, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony, fa fiandrasana mahatahotra amin'ny fitsarana ary ny fahatezerana mirehitra izay handany ny fahavalo rehetra kosa.*"

Ao izy ireo satria, na dia nitory, nifady hanina, nidera sy nanandran-tànana aza tao am-piangonana, dia olon-kafa tanteraka kosa rehefa tany an-tranony sy teny an-dàlana: Mpijangajanga sy vetaveta izy ireo no sady mpangalatra sy mpandainga; tsy afaka mandainga amin'Andriamanitra isika.Ambaran'ny baiboly: « Fa izay tsy nahalala kosa ka nanao izay zavatra tokony hikapohana azy dia hokapohina kely. Fa izay nomena be, dia be no hotadiavina aminy; ary izay nampitehirizina be, dia bebe kokoa no hadinina aminy". (Lioka 12:48).

Ary ny tompo koa nanoro anay mpirahavavy 2 izay kristiana fony tety an-tany nefa tsy niaina ny fahamarinana araka an'Andriamanitra.Ary hoy ny iray taminy. "*Ikala tsy vanona ity, indry ihany no nahatonga ahy ho aty, tsy notorian-dry tamiko ny filazantsara masina. Tsy nilaza tamiko ny marina indry ka very aty aho izao*! "Afaka mifanao toy izany izy ireo na dia eo anivon'ny afo aza, mifankahala fatratra satria tsy misy fitiavana na fifamelana na famindram-po any amin'ny helo.

Aminarivony maro izy ireo, nahalala ny tenin'andriamanitra nefa tsy nadio teo anatrehan'ny Tompo masina indrindra. "***Tsy afaka milalao an'Andriamanitra ianao na manao ho vazivazy ny amin'ny helo*!**" hoy ny Tompo taminay.Ary hoy koa izy: "***Anaka, Ny fitambaran'ny fahoriana rehetra eny ambonin'ny tany dia tsy miteny, tsy misy dikany raha miohatra amin'ny fahorian'ny fanahy iray aty amin'ny helo.***" Raha toy izany ny fijaliana azo ihoriranana any amin'ny helo, mba vinanio, toy ny ahoana no mahazo ireo natao eo anivony, Ireo nahalala ny tenin'Andriamanitra saingy nanalavitra azy. Ary nolazain'ny Tompo taminay fa ny afo ety an-tany no azo sangiana fa tsy ny afo any amin'ny helo na oviana na oviana.

Ary nitetitety izahay ka natoron'ny tompo olona samihafa.Ary hitanay fa karazany 6 eo ho eo ny fampijaliana sy fampahoriana mahazo ny olona.Fanahy maro no ampijalian'ny devoly amin-karazan-tsazy samihafa.Iray amin'ireo sazy mafy indrindra mahazo azy dia ny feon'ny fieritreretany manao aminy hoe: *Tadidinao ve ianao nitoraian-teny? Tsaroanao ianao nandre ny tenin'Andriamanitra. Nampahalala anao ny amin'ny helo izy nefa nihomehezanao!* "Mampijaly azy ny eritreriny, toy ireo kankana miditra sy mivoaka amin'ny tenany sy ny afo mandoro azy 1000 heny mihoatra ny ety an-tany. Izany no valisoa omen'ny devoly ireo mitady sy manaraka azy.

Hoy ny teny ao amin'ny apokalypsy 21:8: " *Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy mirehitra afo sy solifara; izany no fahafatesana faharoa.* "

Avy eo ny Tompo nanoro anay olona 1 namono olona 6.Milahatra manodidina azy izy 6 ary mikiakiaka hoe: "*Ianao no nahatonga anay aty, ianao!*" Andramany tampenana ny sofiny fa tsy te-handre intsony izy nefa tsy afaky ny tsy handre satria any amin'ny helo dia mitombo avokoa ny retsi-pandrentsika rehetra.

Ny fanahy rehetra ao amin'io toerana io dia matin-ketaheta avokoa, hetaheta tsy ho azo alana mihitsy, tena toy ilay tantaran'I lazarosy sy ilay mpanan-karena ao amin'ny (Lioka 16:19). Piti-drano kely monja no mba nangatahan'ilay mpanan-karena! Hoy ny tenin'ny Tompo ao amin'ny Isaia 34:9 " *Ary hovana ho tonga dity ny renirano any Edoma, ary ho solifara ny vovo-taniny, ary ny taniny ho dity mirehitra.*

Any, ampitambazan'ny afo ny fanahy: "Mahita renirano manjelanjelatra ny olona eo afovoan'ny afo; raha vao miezaka hanatona nefa izy dia mivadika ho afo ilay renirano. Izy ireo koa mahita hazo fihinam-boa misy rano mivoaka, nefa rehefa miezaka manka voankazo dia may ny tànany ka esoin'ny devoly fatratra."



Ary ny Tompo nitondra anay tamina faritra ratsy lavitra noho ilay vao hitanay teo.Hitanay ny farihy mirehitra afo sy solifara.Tamin’ny sisin’io farihy io nisy iray kelikely kokoa.Ary tao amin’ilay somary kely nisy fanahy amanapitrisany maro mitomany sy miangavy mafy ny famindram-pon’ny Tompo. Hoy izy ireo amin’izany: "*Tompo ô! Azafady avoahy ato izahay na dia fotoana fohy monja aza! Miangavy indrindra, Mba avelao hivoaka!!!* "kanefa tsy misy azon’ny Tompo atao aminy intsony satria efa notsaraina izy ireo.

***Tamin’ireo fanahy amanapitrisany dia navelan’ny Tompo hifantoka amin’olona iray izahay. Navelan’ny Tompo ho fantatray ny eritreriny. Mark no anarany ary milentika any anaty afo ny tapany ambany. Zendana izahay raha nandre izay nolazainy tamin’ny tenany ka nandray lesona tsy hohadinoinay mandrakizay. "Raha nety dia ho nomeko avokoa izay ananako hahatonga ahy ho eo amin’izao toeranareo izao! Ho nahafoy ny rehetra aho mba ho afaka hiverina eny ambonin'ny tany, tsy ahoako na izaho no farahidiny indrindra, na farofy indrindra, ankahalaina indrindra, na ory indrindra eny an-tany, Te-hiverina aho na dia iray minitra monja aza."***
***Ary nohazonin’i Jesosy Tompo ny tànako. N ovalian’I Jesosy tao anaty iritreriny izy hoe:***
***« Mark, nahoana ianao no te-hiverina eny ambonin’ny tany na dia iray minitra monja aza?"***
***Ary hoy izy tamin’ny feo mitoloko efa reraky ny jaly: "*Tompo ô! te-hiverina eny an-tany aho ka hahafoy ny rehetra, na dia segondra iray monja aza, mba ho afaka hibebaka ka ho voavonjy. *"***

Raha nandre izany ny Tompo dia nisy rà nivoaka tamin’ilay ratra teo amin’ny tànany no sady vonton-dranomaso izy.Ary hoy izy: ***Tara loatra ry Mark!...Kankana no ilafihanao, ary olitra no mandrakotra anao.*** " (*I*saia 14:11). Rehefa avy niteny izany taminy ny Tompo dia nilentika tany anatin’ilay farihy mandrakizay izy.Indrisy, tsy manam-panantenana intsony ireo fanahy ireo.Isika eto an-tany irery ihany no afaka mibebaka ka hiaraka amin’I Kristy Tompontsika any an-danitraa.

Homeko ny rahavavy ato ny fanohizana ny fijoroana. Misaotra.

# --- (Fijoroana faharoa, Lupe) ---

Hitahy anareo anie andriamanitra ranadahy malala.Deha hovakiantsika ny teny ao amin’ny salamo 18:9: " *Dia naondriny ny lanitra, ka nidina Izy; ary aizim-pito no teo ambanin'ny tongony*. " Rehefa natsotran’ny Tompo taty amiko ny tànany dia nofihiniko ka nidina tao anatina tonelina izahay. Nihamaizina hatrany izy io ka tsy hitako hatramin’ilay tànako faharoa.

Tampoka teo izahay dia nahita zavatra mainty manjelatra sady mitabataba.Natevina aoka izany ilay aizina ka tsy hitanao hatramin’ny rindrin’ilay tonelina.Haingana tokoa ny fidinanay; tsapako nivoaka ny vatako ny fanahiko.

Fotoana fohy dia nandre fofona maimbo toy ny nofotra lo aho.Nihanahery vaika isan-tsegondra ilay fofona.Izaho koa nandre feon’olona amanapitrisany maro mikiakiaka sy mitomany ary mitaraina tsy mitsahatra.Natahotra mafy aho ka nitodika tany amin’ny Tompo sady nanontany azy hoe: "*Tompo ô! Entinao aiza aho? mamindrà fo amiko ry Tompo*" Fa ny Tompo namaly tsotra ahy hoe: "***Tsara ny hahitanao izao hitantaranao amin’ny olon-drehetra.***"



Ary nanohy nanaraka ilay tonelina miendrika tandroka izahay mandra-pahatonganay tamin-toerana maizinkitroka iray.Toy ny nanesorana lamba matevimbe teo amin'ny masoko. Tao no nahitako lelafo amanapitrisany.Loza noho izany aza ny nandrenesako antsoantsom-pahafatesana nefa tsy nahitako olona.Tena natahotra aho ka nanao tamin'ny Tompo hoe: "*Miangavy indrindra ry Tompo ô!, mamindrà fo amiko ; azafady mba iantrao! Aza avela aty amin'ity toerana ity aho! Mamelà ny heloko!*"

Tsy nahafantatra ny tenako ho mpanaramaso ny helo fotsiny aho teo, noheveriko ho io no fotoana handraisako ny valin'asako.Tena noheveriko ho tonga ny faraandroko ka nangovitra mafy rehefa nijoro manoloana ny Tompo.

Nandroso nanakaiky lelafo teo anoloanay izahay; ngeza mankadiry izy io ary henjana aoka izany ny fandorany.Nanohy nidina miadana aho raha nahita ireto lelafo maro sy fanahy tsy tambo isaina mitomany.



***Ary nahita latabatra hazo tsy levon'ny afo aho. Nisy zavatra toy ny tavoahangin-dabiera teo amboniny. Toa mampangatsiatsiaka nefa feno afo. Raha mbola nijery aho dia nisy olona nitranga tampoka. Efa saiky rava avokoa ny nofony ary feno fotaka sy may ny fitafiany mba hany sisa tavela. Noho ny afo dia tsy misy maso sy molotra ary volo intsony izy. Hitany soa aman-tsara aho na izany aza. Tsahiviko fa ny fanahy no afaka misaina sy mandalina ary mahita any fa tsy ny tena akory.***

Natsotrany tany amin'ny Tompo ilay tànany efa konka ka hoy izy nitomany: "*Tompo ô! Mamindrà fo amiko, Tompo ô! mamindrà fo amiko, mijaly aho, may, raha mety, iantrao ka avoahy ato!*" Ontsa ny Tompo nijery azy ary reko nisy nafanafana tao amin'ny tànako.Nojereko ka hay rà, ràn'ny Jesosy! Rà avy amin'ny tànan'ny Tompo eo am-pijerena ity lehilahy mijaly atelin'ny afo.

*Avy eo dia nitodika tany amin'ilay latabatra ilay lehilahy ka nanatona ilay tavoahangy. Nandray tavoahangy iray izy ka rehefa hosotroiny dia nisy afo sy setroka nivoaka avy tao anatiny.Nanemotra ny lohany izy no sady nikiakiaka mafy tamim-pomba mbola tsy reko hatrizay niainako, kiaka mitory hirifiry sy fijaliana mafy, ary nosotroiny izay tao anatin'ilay tavoahangy. Kinanjo asidra no tao ka rava tanteraka ny vozony.Hitanao ny fidiran'ilay asidra avy eo amin'ny vavoniny ka androtidrotehany azy.*

Misoratra eo amin'ny handrin'io lehilahy io ny marika 666.Misy takela-by eo amin'ny tratrany izay tsy miova na eo aza ireo kankana sy ny famaivain'ny afo.Misy soratra ilay izy fa tsy fantatray izay dikany.Fa ny tompo, tao anatin'ny fahefany lehibe no nampahalala anay izay ambarany."**Aty aho satria mpimamo**." Nitalaho famindram-po tamin'ny tompo izy nefa mazava tsara ny ambaran'ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny 1 kor 6:10 "*... ny mpangalatra sy ny mpierina sy ny mpimamo sy ny mpanaratsy ary ny mpanao an-keriny dia tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra.*"

Nasehon'i Tompo ahy toy ny sarimihetsika ny fotoana farany niainany tety an-tany.Hitako tamin-javatra toy ny "écran" lehibe ny segondra farany mialoha ny nahafatesany.Luis no anarany ary tany anaty bara izy.Hitako tanatin'io bara io ireo tavoahangy maromaro sy ilay latabatra. Ary nisy namany maromaro nanodidina ilay latabatra. (*Ambarako aminareo izao fa 1 ihany ny*

***tena namana, I Jesosy Kristy no anarany*. *Izy no hany namana mahatoky*.) Nisotro i Luis, toy izany koa ireo namany.Naka tavoahangy ilay namany akaiky indrindra, novakiany ka nanindronany an'i Luis.Rehefa hitany fa nitsirara teo amin'ny tany i Luis dia nitsoaka izy. Lany rà i Luis ka maty.Ny tena mampalahelo dia izy maty tsy nanana ny Tompo.**

Teo anelanelan'izany, raha mbola nikiakiaka ireo fanahy dia nanontany ny tompo aho hoe: "*Tompoko, azafady mba lazao, nahafantatra anao ve io lehilahy io, fantany ve ny famonjenao*?" Indrisy fa hoy ny navalin'ny Tompo: "***Eny ry Lupe, Fantany aho, noraisiny ho mpamonjy azy nefa tsy notompoiny***." Vao may nitombo ny tahotro teo. Nitomany mafy kokoa i Luis no sady nikiaka hoe:"*Tompo ô! Maharary, maharary, iantrao!*" Natsotrany tany amin'ny Tompo ny tànany nefa ny ahy no noraisiny ka nanalavitra io lelafo io izahay.Nihanahery vaika ny afo nandoro an'i Luis ka vao may nitomany mafy izy hoe: "*Mamindrà fo amiko ry Tompo! Mamindra fo*!" Ary nilentika tany anaty afo izy.

Nanohy nandeha ihany izahay. Midadasika sady mampatahotra io toerana io! Nanatona lelafo iray hafa izahay, ary hoy aho tamin'ny Tompo: "*Tompoko, miangavy indrindra, tsy te-hahita hafa intsony aho! Azafady mamelà ny heloko, mamindra fo raha azo atao fa tsy te-hijery intsony aho!*" Nakipiko ny masoko, nefa na nikipy na nihiratra dia nahita ihany. Nidina moramora ilay lelafo ary nanomboka nahatsikaritra vehivavy aho.Rakotra fotaka feno kankana izy io.Efa hila tsy hisy ny volon-dohany ary hamafisin'ny fotaka lotoin'ny kankana ny vatany.Hanin'ireo kankana mivezivezy manierana ny tenany io vehivavy io. Ary hoy izy "*Tompo ô! Mamindrà fo amiko, mamindrà fo amiko ary mamelà ny heloko! Mba jereo, maharary! mamindrà fo ka esory ireo kankana ireo! Esory amin'ity toeram-pampijaliana ity aho fa mijaly mafy!* "

Fa ny tompo nijery azy tamin'alahelo lehibe.Rehefa mihazona ny tànany izahay dia tsapanay ny hirifiry sy alahelo mafy ao am-pon'ny tompo noho ireo fanahy very ka ho may mandrakizay any amin'ny helo.

Tsy misy molotra sy maso intsony io vehivavy io nefa mbola afaka mahita sy mahatsapa; nihamafy ny hirifiriny.Nihazona tavoahangy feno asidra izy izay heveriny ho ranomanitra.Hitako tsara fa asidra ilay izy, may ny vatany isaky ny mitifitra.Na izany aza, atifitifiny amin'ny vatany hatrany ilay izy.Manantitrantitra mafy izy fa ranomanitra lafo vidy izy io.Mihevitra koa izy fa manao firavaka tsara tarehy nefa bibilava no hitako eny ambozony. Toy izany koa ny firavaka amin'ny tànany izay lazainy fa sarobidy nefa kankana tokony ho 30 cm izay mandavandavaka ny taolany. Lazainy fa tsy manana afa-tsy ireo firavaka ireo izy nefa maingoka sy kankana no hitako manerana ny tenany.Misy takela-by toy ireo hafa rehetra any amin'ny helo koa izy. Toy izao no voasoratra eo: "**Aty aho noho ny halatra**"

Tsy nanenina mihitsy izy tamin'ny ota nataony.Ary nanontany azy ny Tompo hoe: "***Magdalena, Nahoana ianao no aty?***" Ary namaly izy hoe: "*Tsy nampaninona ahy mihitsy ny nangalatra zavatr'olona.Ny hanana ranomanitra lafo vidy sy firavaka sarobidy ihany no nanan-danja tamiko. Tsy raharahaiko izay voaroba any rehefa tsara endrika fotsiny aho.*"

Nihazona ny tànan'ny Tompo aho no indro nandavandavaka ny tenany iray manontolo ireo kankana.Nanandrana nitodika toa nitady zavatra I Magdalena.Ary mbola nanontany ny Tompo indray aho hoe: "*Nahalala anao ve io olona io ry Tompo?*"
"***Eny, hoy izy , nahafantatra ahy izy.***"

Nijerijery ny manodidina i Magdalena sady nanao hoe: "*Aiza ry Tompo ilay vehivavy niresaka ny*

*momba anao tamiko iny? Aiza? efa 15 taona aho izay no taty*." Ny olon-drehetra any amin'ny helo dia mahatsiaro ny zava-nisy rehetra.Nanohy ihany I Magdalena: « *Aiza ho'aho izy? Toa tsy mba hitako*! » Fantatro fa tsy afaka mihodina ny vatany fa tsy maintsy mijanona amin'ny toerana iray. Manandrana mijery ireo lelafo hafa izy sao, hono, mba hitany ilay vehivavy niresaka taminy ny momba an'Andriamanitra.Nefa hoy ny Tompo: "***Tsia! Tsia ry Magdalena, Tsy aty izy. Ilay vehivavy niresaka taminao ny momba ahy dia miaraka amiko any amin'ny fanjakan'ny lanitra.***"

Raha nandre izany izy dia niroboka lalina tao anaty afo izay efa nandoro azy rahateo.Nanameloka azy ho mpangalatra ilay takela-by teny aminy.Tiako indrindra ianareo raha mamaky ny Teny ao amin'ny isaia 3:24"*Ary ny manitra hosoloana ny maimbo; ary ny fehin-kibo tsara hosoloana ny mahazaka; ary ny volo voavoatra tsara hosoloana ny boriana; ary ny akanjo miebanebana hosoloana ny lamba fisaonana ary ny hatsaran-tarehy hosoloana ny tomboka amin'ny vy mahamay*

Rehefa nanohy ny dianay niaraka tamin'ny Tompo izahay dia indro andrin-trano goavambe feno kankana. Manodidina azy io misy vy mena mahamay fikorisàna.Misy takelaka ngezabe koa mihantona eo amin'io andry io izay hita hatraiza hatraiza.Toy izao no hita eo amin'ilay takelaka,"**Tonga soa ry mpandainga sy mpanely tsaho rehetra**" Amin'ny faran'io fikorisana io misy rian-drano mandevy. Toy ny solifara mirehitra no fijery azy. Ary indro lehilahy iray niboridana tanteraka nikorisa. Isaky ny midina izy dia misy hoditra miendaka ka mijanona eo amin'ilay vy mahamay.Rehefa milatsaka ao amin'ilay riandrano izy dia miitatra ny lelany mandra-pipoakany, avy eo dia kankana no misolo ny lelany eo. Toy izany no fijaliany voalohany. Hoy ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny Salamo 73:18-19 " *Eo amin'izay mahasolafaka tokoa no ametrahanao azy, ary aripakao ho ringana izy. Hià! Rava indray mipi-maso izy! Levona izy, matin-java-mahatahotra izy!* "

Rehefa avy nanatrika izany rehetra izany aho dia nivoaka ny helo izahay.Tiako hambara fotsiny fa ny lanitra sy ny helo dia tena misy, mihoatra ny fisian'izao tontolo hitantsika izao.Aty isika no manapa-kevitra ny amin'izay halehantsika, na hiaraka mandrakizay amin'i jesosy na ho may any amin'ny helo.Hoy ny Tompo taminay: "***Miezaha mitady fihavanana amin'ny olona rehetra ary fahamasinana; fa izay tsy manam-pahamasinana dia tsy hahita ny Tompo.*** " (Hebreo 12:14) Izay koa no antony itenenako toy izany androany: "***Tsy hahita ny Tompo ianao raha tsy manam-pahamasinana.***"

---

# --- (Fijoroana fahatelo, Sandra) ---

'Ndeha hovakiana ny Teny ao amin'ny Matio 10:28 " *Ary aza matahotra izay mamono ny tena, nefa tsy mahay mamono ny fanahy; fa aleo matahotra Izay mahay mahavery ny fanahy sy ny tena ao amin'ny helo.* "

Vantany vao tonga any amin'ny helo ny olona iray dia mandray vatam-pahafatesana.Noraisin'i Jesosy Tompo ny tànako ka niditra tamin-tonelina maizina sy lalina aoka izany izahay izay nitondra anay tany afovoan'ny tany. Ary tonga tamin-toerana iray misy varavarana maro izahay; Nisokatra ny iray tamin'ireo varavarana ka niditra niaraka tamin'ny Tompo izahay.Tsy te-hanalavitra ny Tompo aho satria fantatro fa raha manao izany dia ho tavela any mandrakizay.

Rehefa tafiditra ilay varavarana aho dia nahita rindrim-be.Indro nisy olona maro nigadra nifatotra tamin'ilay rindrina tamin'ny faraingo. Indro koa nisy olona amanarivony maro nitsangana teo afovoan'afo.Ary nanakaiky lelafo iray izahay.Nanomboka nidina tsikelikely ilay izy.Ary nanomboka nahita olona miteny aho tao anatiny, azoko ambara fa lehilahy izy.Izy dia manao fanamiana pretra ratsy sy rotidrotika.Nivezivezy tao anatin'io lehilahy io ny kankana.



Efa tena kila forehitra ny fahitana azy. Mivoaka amin'ny toerany ny masony ary mitsonika ny hodiny ka milatsaka amin'ny tany. Miraraka ny hodiny dia mitsiry indray, dia toy izany hatrany.

Hoy izy raha nahita ny Tompo: « *Tompo ô mamindrà fo amiko, iantrao, mba avelao aho hivoaka tato na dia 1 minitra monja aza*!" Misy takela-by eo amin'ny tratrany izay misy soratra hoe: « **Aty aho noho ny halatra**"

Nanatona i Jesosy ka nanao taminy hoe: "***Iza no anaranao?***"

Ary hoy ny navaliny: "*Andrew, Andrew tompoko.*"

Ary nanontany azy ny Tompo hoe: "***Hafiriana ianao izay no taty?***"

Namaly azy i Andrew: « *Efa tena ela aho no tato*." Ary nanomboka nitantara ilay lehilahy. Nolazainy fa izy no niandraikitra ny fanangonana ny rakitra sy ny fizaràna izany amin'ny mahantra tao amin'ny fiangonana katôlika nisy azy.Kinanjo nangalatra ireo vola no nataony. Feno fangorahana ny mason'ny Tompo raha nanontany azy hoe: "***Andrew, Efa nandre ny filazantsara ve ianao?***" "*Eny Tompoko, hoy i Andrew, nisy vehivavy kristiana iray tonga nitory ny filazantsara tao amin'ny fiangonanay indray andro fa no laviko.Tsy nino azy aho, fa izao aho mino! Marina tokoa izay nolazainy! Miangavy indrindra tompoko, avoahy ato aho, na dia fotoana fohy monja aza*."

Raha mbola niteny izy dia niditra avy teo amin'ny masony ireo kankana ka nivoaka avy teo an-tsofiny ary niditra indray avy teo am-bavany.Miezaka manala amin'ny tànany izy fa tsy mety. Nikiakiaka mafy izy ary tsy nitsahatra niangavy ny famindram-pon'Andriamanitra.Tsy nitsahatra ny nitalaho tamin'ny Tompo izy ny hamoahany azy tao amin'io toerana io.Fanampin'izany, nisy ihany koa devoly nampijaly azy, tsindronin'izy ireo tsy ankijanona amin'ny lefona ny nofony. Ireo devoly ireo dia tena mitovy endrika amin'ilay saribakoly antsointsika ety an-tany hoe: "Les Jordanos".Hitako tany amin'ny helo izy ireo saingy tsy saribakoly intsony fa velona sady fanahin-devoly.Tokony ho 1m ny halavany ary maranitra aoka izany ny nifiny.Mena midorehitra ny masony ary mivoa-drà ny vavany.

Tsindroniny amin'ny faraheriny i Andrew sy izay rehetra ao amin'io ampahan'ny helo io.Raha nahita izany aho dia nanontany ny Tompo ny anton'ny fitovian'ny saribakoly sy ireo devoly.Ary ny Tompo namaly ahy ka nilaza fa ireo devoly ireo dia fanahin'ny alahelo.

Nanohy ny làlanay izahay ka nahita fanahy aminarivony maro mijaly.Raha vao tsikaritry ny fanahy ny Tompo dia ezahiny takarina amin'ny tànany osa.Ary nahatsikaritra vehivavy iray izay aho izay nanomboka nikiakiaka raha vao nahita ny Tompo.Nihoraka mafy izy hoe: "*Tompo ô! azafady amindrao fo, mangoraha! Avoahy amin'ity toerana ity aho!*" Mijaly mafy izy ary manatsotra ny tànany any amin'ny Tompo.Izy tsy mitsahatra miangavy ny hamoahana azy tao na dia iray segondra monja aza.Mitanjaka tanteraka izy ary rakotra fotaka.Maloto ny volony ary misy kankana mivezivezy manerana ny tenany. Miezaka manala izy nefa rehefa mahafaka kely dia mihamitombo indray ireo eo.Mirefy tokony ho 15 hatramin'ny 20 cm ireo kankana. Ny tenin'Andriamanitra milaza ao amin'ny Marka 9:44: "*any amin'ny afo tsy azo vonoina ny kankany tsy maty, ary ny afo tsy vonoina*"

Mahaontsa ny mahita ny fijalian'ity vehivavy ity, mikiakiaka rehefa hanin'ny kankana tsy ananany antra.Misy takela-by tsy mety levon'ny afo eo amin'ny tratrany izay mivaky hoe: "**Aty aho noho ny fijangajangana**. » Araka ny fahotany dia terena hijangajanga amin'ny bibilava maharikoriko izy.Feno tsilo mirefy 15 ka hatramin'ny 20 cm ny vatan'ilay bibilava.Miditra avy eo amin'ny fivaviany ilay izy ka mivoaka eo amin'ny vozony, rehefa izany dia mitaraina mafy izy.

Mihamahery vaika ny fiangaviany ny tompo hamoaka azy tao: "*Aty aho Tompo noho ny fijangajangana, efa taty hatramin'ny nahafatin'ny SIDA ahy 7 taona lasa izay. 6 ny sipako ary aty aho noho ny fijangajangana*." Any amin'ny helo, tsy maintsy averimberiny foana ny fahotany. Tsy miala sasatra izy fa ampijaliana toy izany hatrany andro aman'alina.Nezahiny natsotra tany amin'ny tompo ny tànany nefa hoy ny tompo: "Tara loatra ry ***Blanca. Kankana no ilafihanao, ary olitra no mandrakotra anao***." (Isaia 14:11) Raha vao avy niteny izany ny Tompo dia rakotry ny afo izy ka tsy hitako intsony.

Ary nanohy indray izahay ka nahita olona aminarivony maro aho, tanora, olon-dehibe ary antitra maro ampijaliana.Ary tonga teo amin-toerana iray izahay izay misy dobon'afo feno lehilahy sy vehivavy.Misy takela-by avokoa ny tratran'izy rehetra izay samy misoratra hoe: "**Aty aho noho ny tsy nanomezako ny fanatitra sy ny ampahafolon-karena**". Rehefa avy namaky izany aho dia nanontany ny Tompo hoe: "*Nahoana izy ireo tompoko no aty noho izany antony izany??*" Fa hoy ny navalin'ny Tompo ahy, "***Heverin'izy ireo ho zava-maivana ny fanatitra sy ny ampahafolon-karena na dia ambaran'ny teniko ho didy aza***." Ao amin'ny Malakia 3:8-9 "*Handroba an'Andriamanitra va ny olona, no mandroba Ahy hianareo? Nefa hoy hianareo: Amin'inona moa no androbanay Anao? Amin'ny fahafolon-karena sy ny fanatitra.Voaozona amin'ny ozona hianareo nefa Izaho no robainareo, dia izao hianareo rehetra iray firenena izao.* "

Nohazavain'ny Tompo tamiko fa ny tsy fandoavan'ny vahoakany ny ampahafolon-karena dia manakantsakana ny asan'Andriamanitra, tsy voatory ara-dalàna ny filazantsara.Avy 1000 heny ny fijalian'ny olona ao amin'io toerana io miohatra amin'ny hafa noho izy ireo nahalala ny tenin'Andriamanitra saingy tsy nankato azy.

Rehefa nizotra ihany izahay dia natoron'ny Tompo lehilahy iray aho izay hitako hatreo amin'ny valahany ka hatrany an-dohany.Ary nahita fahitana aho ny amin'ny nahafatesany. Rogelio no anarany. Tao anaty fiarany izy no nisy nanatona nitory filazan-tsara taminy sy nanome baiboly azy.I Rogelio kosa tsy niraharaha ny fampitandreman'ilay olona fa nanohy hatrany ny làlany, tsy fantany anefa fa ho voadona ny fiarany minitra vitsy taorian'io.Nivarina tany amin'ny hantsana ilay fiara ary maty I Rogelio fotoana fohy taorian'io.

Nandritry ny loza dia nisokatra tao amin'ny apokalypsy 21:8 " *Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy mirehitra afo sy solifara; izany no fahafatesana faharoa. » ilay baiboly.* Rehefa namaky izany izy dia maty ka lasa tany amin'ny helo.

1 volana no nahatao azy tamin'io ary mbola nisy nofotra ny tarehiny.Na izany aza, ampijaliana toy ireo hafa rehetra izy.Tamin'ny voalohany izy tsy nahafantatra ny antony nahatonga azy any amin'ny helo.Mino aho fa ilay fotoana nanatonan'ilay kristiana ny fiarany iny no farany nahafahan'i Rogelio nanaiky an'i Jesosy toy ny nataon'ireo olon-kafa maro.Asaiko ary ianao anio hanokatra ny fonao ho an'i Jesosy. Izy no làlana sy fahamarinana ary fiainana (jaona 14:6). Amin'ny alalany irery ihany no hahavoavonjy antsika ka handovantsika ny fanjakan'ny lanitra (asa 4:12). Ny Tompo koa mandidy antsika hanaraka azy amim-pahamasinana maneho ny voninahiny.
Hitahy anareo anie Andriamanitra.

# --- (Fijoroana fahaefatra) ---

Hitahy anareo anie Andriamanitra ry rahalahy. Rehefa noraisin'ny Tompo ny tànako dia hitako fa teo ambony vato aho ary nisy anjely tao aorianay.Nanomboka nidina tamin-tonelina tamin'ny hafainganam-pandeha tsy mampino izahay.Nony nitodika aho dia indro efa lasa ilay anjely. Natahotra mafy aho ka nanontany ny Tompo: "*Aiza ilay anjely teo ry Tompo? Nahoana izy no tsy eto*?" Fa hoy ny Tompo: "***Tsy afaka mankany amin'izay halehantsika izy***."

Nanohy nidina izahay, ary nijanona tampoka avy teo toy ireny mandeha amin'ny "ascenseur" ireny.Nahita tonelina maro aho.Ary tonga teo amin'ilay notantarain-dranabavy sandra teo; Ilay tonelina misy olona marobe voafaraingo an-doha sy voarojo am-batana. Lava tsy hita fetra ny rindrina misy ireo olona amanapitrisany mihantona eo. Rakotra kankana avokoa izy rehetra.Ary hitako fa nisy rindrina toy io koa teo alohako.Ary niteny tamin'ny Tompo aho: «Tompo ô! Toa feno olona ny aty amin'ity toerana ity" Teo noho eo, nisy andinin-tsoratra masina nipoitra tao an'eritreritro; andininy izay tsy fantatro akory talohan'io fotoana io.Niteny tamiko ny Tompo hoe: " ***Ny fiainan-tsi-hita sy ny fandringanana tsy mety voky, dia toy izany no tsy ahamamoan'ny mason'ny olona.*** " (Ohabolana 27:20)



Niala teo izahay ka tonga tao amin'ny toerana antsoina hoe: «**Lohasaha-bilanibe**".Ireo vilanibe dia feno fotaka mandevy. Nanatona ny iray amin'ireo izahay. Vehivavy iray mitranga milentika ao anaty fotaka mandevy no hitako voalohany.Raha vao nijery azy Nefa ny Tompo dia nijanona tsy nihetsika izy ka hita hatreo amin'ny valahany.Ary hoy ny Tompo taminy: "***Ravehivavy, iza moa no anaranao?"*** « *Rubiella, tompoko, hoy izy*."

Rakotry ny fotaka mandevy ny volony ary mihantonkantona amin'ny taolany efa maintin'ny afo ny nofony.Miditra amin'ny goaka avy eo amin'ny masony ny kankana dia mivoaka eo am-bavany avy eo dia miditra indray eo amin'ny orony ka mivoaka eo antsofiny.
Rehefa tsy mahita làlana ireo kankana dia mandavaka ka mahatonga hirifiry tsy hay lazaina.

Ary niantso mafy izy hoe: "*Tompo ô! Avoahy tato aho, azafady indrindra.Mba mamindra fo! Tsy vitako intsony izao raha mbola mitohy elaela! Mba ajanony raha azo atao! Miangavy indrindra famindram-po!*" Nanontanian'ny Tompo izy ny nahatongavany tany.Fijejojejoana no antony.Izany hiany koa no voasoratra eo amin'ny takela-by amin'ny tratrany.Misy tavoahangy tsotra eny an-tànany, nefa ny fahitany azy dia toy ny ranomanitra tena lafo vidy.Feno asidra io tavoahangy io nefa tsy maintsy raisin'i Rubiella ka atifitifiny amin'ny tenany.Mampitsonika ny nofony izany ka mampanaintaina azy mafy.

Niantso mafy ny tompo izy hoe: "*Tompo ô! mamindrà fo amiko raha azo atao, tsy ho afaka hijanona eto intsony aho! Mba iray segondra monja moa e!* " Tsy midika akory izany hoe fahotana ny mampiasa anomanitra, nefa nolazain'ny Tompo taminay fa any io vehivavy io noho ny ranomaniny.Hoy mantsy ny Teny ao amin'ny Deoteronomia 5:7 " *Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany.*"
Any izy satria ny hatsaran-tarehiny, ny ranomaniny ary ny fijejojejoany no nataony ho laharam-pahamehana tamin'ny fiainany.Nefa i Jesosy no Tompon'ny tompo sy Mpanjakan'ny mpanjaka, izy no tokony ho voalohany amin'ny fiainanao; Izay no mahatonga io vehivavy io ho

any. Indrisy fa sady nijery azy ny Tompo no nanao hoe: « ***Rubiella, Tara loatra, ny kankana no ho firakotrao ary ny kankana no ho fandrianao.*** " Raha vao niteny izany ny Tompo dia rakotra afo tanteraka izy.Nanomboka ravan'ny afo ny vatany rehefa tafiditra tao anatin'ilay vilany mankadiry ka nijaly mafy aoka izany izy.

Niala lavitra ny teo izahay ka tonga tamin'ny toerana iray feno varavarana goavam-be.Rehefa nanatona dia nivoaha avokoa izy ireo.Lava-bato midadasika be no tao ambadiny.Rehefa nijery aho dia nahita loko maro saimihafa mihetsika toy ny setrok'afo.Tampoka teo dia nandre feo-mozika izahay; salsa, ballenato, rock sy gadona malaza maro fandre amin'ny radio.Nanao fihetsika tamin'ny tànany ny Tompo ka indro olona amanapitrisany maro no mifampitohitohy amin'ny rojovy amin'ny tànany. Samy mitotohinjaka eo ambonny afo izy rehetra.

Ary nijery anay ny Tompo ka nanao hoe: « ***Jereo, toy izao no karaman'ny mpandihy***." Tsy maintsy mitsambikimbikina manaraka ny gadona izy ireo.Raha salsa ohatra no mandeha dia tsy maintsy mitsambikina manaraka izany gadona izany izy ireo, toy izany koa rehefa gadona hafa.Tsy afaka mitsahatra mihitsy izy ireo.Fa loza mihoatra amin'izany aza, mirefy 15cm eo ny vodin-kiraron'izy ireo.Isaky ny mitsambikina izy dia miditra any anaty tongony izany kirarony izany, nefa izy tsy manam-potoan-kitsaharana na oviana na oviana.Raha mba misy te-hanandrana hijanona dia avy ny devoly manatona ka manindrona azy amin'ny lefona, sady manozona azy no manao hoe:"***Derao izy! aty no fanjakanao, derao i satana! derao izy! Tsy mahazo mitsahatra ianao, Derao izy! derao! tsy maintsy mandihy ianao! tsy maintsy mitsambikimbikina! Tsy mahazo mijanona ianao na iray segondra aza.***"

Indrisy…! kristiana ny ankamaroan'izy ireo, nahalala ny Tompo saingy maty tany ampamonjena alim-pandihizana.Hoy angamba ianao hoe: *"Aiza ao amin'ny baiboly no milaza fa ratsy ny mandihy?*" Ao amin'ny jakoba 4:4: "*Ry mpisintaka mpijangajanga, tsy fantatrareo va fa fandrafiana an'Andriamanitra ny fisakaizana amin'izao tontolo izao? Koa na iza na iza te-ho sakaizan'izao tontolo izao, dia fahavalon'Andriamanitra izy »* sy ao amin'ny 1 Jaona 2:15-17 "*Izay rehetra mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona; ary fantatrareo fa tsy mba misy mpamono olona manana fiainana mandrakizay mitoetra ao anatiny. Izao no ahafantarantsika ny fitiavana, satria Izy no nanolotra ny ainy hamonjy antsika; ary isika kosa mba tokony hanolotra ny aintsika hamonjy ny rahalahy. Ary izay rehetra manam-pananana amin'izao fiainana izao, ary mahita ny fahantran'ny rahalahiny ka mihirim-belona aminy, ahoana no itoeran'ny fitiavana an'Andriamanitra ao anatiny?"*
Tsarovy, izao tontolo izao dia mandalo sy miserana ary ho potika, fa ireo izay manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra kosa ho velona mandrakizay.
Rehefa niala tamin'io toerana io izahay ry havako isany dia nahita zavatra toy ny tetezana maromaro mampizarazara ireo toeram-pampahoriana samihafa.Ary indro fanahy ratsy nandeha teo ambonin'ny iray taminy.Mitovy tsy misy valaka amin'ny saribakoly efa hitanay tety an-tany antsoina hoe: "*Treasures Trolls* " izy ireo.Samihafa ny lokom-bolony, miendrika lahiantitra izy nefa mivatan'ankizy, tsy manana fitaovam-pananahana.Masiaka aoka izany ny masony. Nohazavain'ny Tompo taminay fa fanahin'ny fahaverezana izy ireo.Mihazona lefona izy sady mandehandeha toy ny mpanjaka eo amin'ilay tetezana.

Raha izahay nandeha iny indrindra dia nolefoniny ireo olona tao ambany.Sady nozoniny no nataony hoe: "***Tsaroanao veo ilay ianao teo ivelan'ny trano fiangonana kristiana nefa tsy nety niditra? Tsaroanao ve ianao ilay tsy nihaino raha nitoriana? Ary ianao ilay nomena taratasy kely manambara ny vaovao mahafaly nefa narianao?***" Ireo fanahy very amin'izany manandrana manampina ny faritra nisy ny sofiny fahiny no sady mamaly ilay devoly hoe: "*Mangina ianao! Mangina ho'aho! Aza ampiana intsony, tsy te-handre intsony aho, aoka izay!*" Nefa, vao may

tian'ireo fanahy ratsy ny manao izany satria mahatonga hirifirim-panahy lalina amin'izy ireo.



Ary nanohy ny dianay niaraka tamin'ny Tompo izahay.Nahita vahoaka izahay ary nahamarika olona iray mikiaka mafy kokoa noho ireo hafa rehetra dorana ao amin'io faritra io.Hoy izy tamin'izany: "*Ray ô! Ray, mamindrà fo amiko*!" Tsy nijanona mba hijery azy ny tompo talohan'io fa rehefa nandre ilay hoe "*Ray*" kosa dia nihovitrovitra ka niverina. Sady nijery azy I Jesosy no nanao hoe: "***Ray? Manao ahy ho ray hoe ianao? Tsia, Tsy Rainao aho sady tsy zanako ianao. Raha zanako ianao efa niaraka tamiko tany amin'ny fanjakan'ny lanitra. Ianao dia zanaky ny devoly rainao.***" Teo noho eo dia rakotry ny afo ny tenany iray manontolo.

Notantarain'ny Tompo taminay ny fiainan'io lehilahy io. Niantso azy hoe "ray" izy satria nahalala azy.Nankany am-piangonana izy, nihaino an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Teniny ary nahazo valim-bavaka maro.Nanontany izahay hoe: "*Koa nahoana ary izy no aty ry Tompo, fa nisy inona?"* Fa hoy ny navalin'ny Tompo: « ***Niaina fiainan'droa izy; Olon-kafa rehefa tany an-trano nefa olon-kafa tanteraka koa rehefa any am-piangonana.Hoy izy anakam-po: 'Na ny mpitandrina na ireo rahalahy am-pinoana tsy misy mipetraka aty akaikinay, noho izany, afaka manao izay tiako hatao aho.'' Hadinony fa mahita ny alehanao rehetra ny Tompo ka tsy azo andaingàna na iafenana.***"

Toy izao ny ambaran'ny Tenin'Andriamanitra:" *Aza mety hofitahina hianareo; fa izay afafin'ny olona no hojinjainy".* ([Galatiana 6:7]) 1000 heny ny fijalian'io lehilahy io miohatra amin'ireo hafa.Roa sosona ny fanamelohana azy: Sazy noho ny fahotany sy noho ny fiheverany fa afaka mamitaka ny Tompo izy.

Ankehitriny, sokajiana ho samihafa ny vesatry ny ota; Heverina amin'izany fa ny sôdômita, ny mpangalatra ary ny mpamono olona dia manota bebe kokoa noho ny mpandainga sy mpanaratsy. Nefa eo imason'ny Tompo, mitovy avokoa ireo ota rehetra ireo ka mitovy koa ny tambiny.Hoy mantsy ny baiboly: " *fahafatesana no tambin'ny ota* " *Ny fanahy izay manota no ho faty* " ([Romana 6:23]) ([Ezekiela 18:20]). Ry rahalahy, ry namana, manainga anao hanaiky ny antson'i Jesosy.Hanatsotra ny tànany be fiantràna aminao i Jesosy raha mibebaka ianao.Ambaran'ny tenin'ny Tompo fa hiantràna izay miova fo sy mibebaka.Tsara lavitra ho anao ny mino dieny izao toy izay miandry ka hiaina izany lalan-dratsy izany any aoriana. Andriamanitra anie hitahy anareo.

---

# --- (Fijoroana fahadimy) ---

Manambara ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny [Romana 6:23 ]" *Fa fahafatesana no tambin'ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika* "

Rehefa nidina tany izahay dia nandre hirifiry mafy aho ary nahatsapa tena ho maty.Natahorako

fatratra avokoa izay hitako rehetra.Fantatro teo fa maro dia maro ny olona ao amin'io toerana io; mikiakiaka sy mitomany avokoa izy rehetra.Maizina tanteraka ny tontolo saingy noho ny fanatrehan' andriamanitra dia nisavasava izany.Hitanay fa nisy olona aminarivorivony nitomany mitady famindram-po sy miangavy hamoahana azy tany.Ory izahay mahita fa malahelo mafy ny Tompo mahita azy ireo.

Maro no mitaraina mafy ny hamoahan'ny Tompo azy ao iray segondra monja.Manontany azy ireo ny Tompo hoe: "***Nahoana ianao no te-hivoaka?***" "*Te-hovonjena aho! te-ho afaka hibebaka aho mba ho voavonjy!*" hoy izy. Indrisy anefa fa tara loatra ho azy ireo.

Ho anao mihaino ahy io, izao ihany no ahafahanao mifidy ny ho mandrakizainao.Na ianao misafidy ny toeram-pamonjena mandrakizay na ny toeram-panamelohana mandrakizay.

Avy eo nidina tany amin'ny lalina kokoa izahay. Hitako fa nanomboka ravan'ny afo ny gorodona hitsahinay; misy fotaka sy lelafo mivoaka. Mamofona ratsy avokoa ny toeran-drehetra.Tsiravina sy sempotra izahay noho ny fofona sy ny horakoraky ny olona.



Ary indro hitanay avy lavitra lehilahy iray rakotra fotaka mandevy hatreo amin'ny valahany.Isaky ny manainga ny sandriny izy dia miraraka ao anaty fotaka avy amin'ny taolany ny nofony.Hitanay koa fa nisy setroka volon-davenona tao anaty karany ka nanontanianay ny Tompo izany.Io setroka io dia hita amin'ny olon-drehetra any amin'ny helo.Nohazavain'ny Tompo io fa fanahin'izy ireo migadra ao anatin'ny vatany mpanota, tena toy ny ao amin'ny Apokalypsy 14:11 " *Ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay; ary tsy manam-pitsaharana na andro na alina izay miankohoka eo anoloan'ny bibidia sy ny sariny, na izay mandray ny mariky ny anarany.* "

Nanomboka nahalala zavatra betsaka tsy mbola fantatray tety an-tany izahay; ny tena lesona dia hoe : « izay ataontsika ety an-tany no mamaritra ny mandrakizaintsika ».Ny fandehandehananay nifampitantana tamin'ny Tompo no nahitanay fa ny helo dia mizara ho faritra maromaro misy fampahoriana samy amin'ny karazany sy ny hamafiny avy. Ary tonga tamin-toerana iray feno fonja misy fanahy maro ampijaliana izahay.Karazan-devoly maro no mampijaly azy ireo.Manozona azy ireo ny devoly ka manao hoe : "***Tsy vanona, tsy manjary maty ianao, derao I satana! Ataovy toy ny nataonao fony teny an-tany!*** "Mijaly mafy ireo fanahy ireo noho ny kankana; ary ny afo dia toy ny asidra amin'ny vatan'izy ireo.

Indro lehilahy roa tanaty fonja iray, samy nitazona antsy izy ireo ka nifanindrona hatrany. Samy miteny toy izao izy ireo: "*Ilay tsy vanona ity! Ialahy ihany no nahatonga ahy aty! Aty aho satria nafenin'ialahy tamiko ny marina, tsy nampahafantarin'ialahy ahy ny Tompo! Tsy navelan'ialahy horaisiko izy! Im-betsaka aho no efa afaka nandray azy fa tsy neken'ialahy! Izao aho ampijaliana andro amanalina!*"
Natoron'ny Tompo anay tamin'ny fahitàna ny fiainan'izy ireo tety an-tany. Tao anaty bara izy roa lahy.Niakatra ny fifamaliana ka tonga ady.Nandray tavoahangy vaky ny iray, fa ilay iray hafa kosa namoaka antsy.Nifamely izy ireo ka samy matin'ny ratra mafy nahazo azy avy.Voasazy hamerimberina izany nataony izany mandrakizay izy ireo.Mampijaly azy ireo ihany koa ny

fahatsiarovana ny finamanany tety an-tany.Mpinamana tsy nifankafoy toy ny mpirahalahy izy ireo tamin'izany.

*Tiako hambara aminao androany fa iray ihany no tena namana, i Jesosy avy any Nazareta no anarany. Namana marina izy. Namana mahatoky miaraka aminao foana.*

Rehefa nandeha ihany izahay dia nahita vehivavy iray tao anaty fonja hafa.Ao anaty fotaka izy. Mikorontana sy feno fotaka ny volony.Misy bibilava lava sy ngezabe miaraka aminy ao anatin'io fonja io.Ary nanatona azy izy, nihodidina ny tenany ka niditra tao amin'ny fivaviany.Terena hanao firaisana amin'io bibilava io izy.Ao amin'io toerana io, ny olon-drehetra nijangajanga dia tsy maintsy mamerimberina izany miaraka amin'ny bibilava feno tsilo mirefy tokony ho 15 cm. Mandrotidrotika ny vatany ny bibilava rehefa miditra ao.Mitomany mafy amin'ny Tompo izy sady miangavy mafy ny hanajanonany izany fa tsy te-hijaly intsony. *"Atsaharo! Tsy te-hanao izao intsony aho! Azafady mba ajanony amin'izay!"* Mandritra izany ilay bibilava dia miditra ao aminy ka mandrovindrovitra ny tenany hatrany hatrany.

Tampenanay ny sofinay tsy handre ny fikiakiakany nefa mandre foana.Tsentsemanay mafimafy kokoa fa tsy mety.Hoy izahay tamin'ny Tompo: "*Tsy te-handre sy hahita intsony izahay ry Tompo raha mety! Miangavy indrindra!*" Nefa hoy ny navalin'ny Tompo: "***Mahatsara anareo ny hahita izao hahafahanareo mitantara, Ringana mantsy ny oloko, tsy mahalala ny tena famonjena sy ny làlam-pamonjena marina.***"

Nanohy ny dianay hatrany izahay ka nahita farihy mankadiry misy olona aminarivony maro eo afovoan'afo.Nanantsika izy ireo niangavy fanampiana, saingy devoly maro no manidina eo ambonin'io faritra io.Mibilobiloka toy ny "S" ny lohalefon'izy ireo, izany no andratran'izy ireo ny olona dorana ao amin'io farihy io.Manozona azy izy ireo sady maneso hoe: "***Tsy vanona! Tsy maintsy manompo sy midera an'i satana ianao. Derao izy toy izay efa nataonao teny an-tany!***" Aminarivony maro tokoa ny olona ao.Natahotra mafy izahay, fantatray fa raha tsy nihazona ny tànan'ny Tompo izahay dia ho tavela tany amin'io toeran-dratsy io.Nangorohoro mafy izahay noho ny zavatra tsapanay.

Na dia lavidavitra aza izahay dia nahita olona iray mitsangana mitaraina tolokom-pahafatesana noho ny hirifiry mafy mahazo azy.Misidina eo amboniny ny devoly ka mampahory fatratra azy. Tsindronin'ny devoly amin'ny lefony izy ka afaka ny taolan-tehezany.Mihomehy azy izy ireo amin'izany.Lavitra aho, nefa nasehon'ny Tompo ahy fa mampijaly azy fatratra koa ny mieritreritra ny ankohonana navelany tety an-tany.Tsy tiany ho tonga any amin'io toeram-pampijaliana io mantsy izy ireo.Sahirana mafy ny eritreriny satria izy tsy nampita mihitsy ny hafatra mitory famonjena. Mijaly izy satria tsaroany fa nisy fotoana iray nahafahany nandray izany hafatra izany.Nanandanja tokoa izy ka afaka ho nampita izany tamin'ny fianakaviany saingy nifidy ny tsy hiraharaha ka mieritreritra mafy ireo vady aman-janany izy izao.

Nitohy hatrany ny fampijaliana azy, notapahin'ny devoly ny sandriny ka nianjera tao anaty fotaka mandevy izy.Noho ny famaivain'ilay fotaka mandoro dia mihetsiketsika sy mifindrafindra izy. Avy eo dia mihintsana amin'ny taolany ny nofony.Manandrana mikisaka toy ny bibilava izy, manandrana hivoaka tao.Isaky ny manandrana izy dia vao may atosiky ny devoly hidina lalin-dalina kokoa.

Nony avy eo izahay nahita devoly maro tamin-toerana iray.Nisy zavatra nanaitra ahy manokana tao, voamariko fa tsy ampy iray ny elatra tamin'ny devoly iray.Ary nanontany ny Tompo aho hoe:

"*Fa nahoana izy no tsy ampy elatra ry Tompo?* Ary hoy ny Tompo: "***Nirahina teny an-tany io devoly io saingy tsy nahatanteraka izay nampanaovina azy fa nalefan'ny mpanompon' Andriamanitra taty amin'ny helo. Avy eo dia tonga I satana ka nanapaka ny iray amin'ny elany ho saziny.***"
Azonay nanomboka teo fa amin'ny mahakristiana dia manana fahefana handroaka ny devoly sy ny forongony amin'ny anaran'I Jesosy isika.

Ry namana mandre amin'izao fotoana izao, tsy ho fanamelohana akory no anton'izao fijoroana vavolombelona izao fa ho famonjena kosa; afaka mandini-tena ianao ka mamantatra ny fonao eo anoloan'I Tompo.Ny anton'izao dia ny hiovanao ho amin'ny làlam-pamonjena fa tsy ho amin'ny fanamelohana.Ankehitriny ary, diovy ny fonao ka aborahy amin'ny Tompo avokoa ny fahotanao rehetra, raha toa ka izao mantsy ny tompo no tonga dia hiaraka aminy ianao fa tsy ho any amin'io toeram-pampahoriana misy ny fitomaniana sy fikotroha-nify io.Ho tsapanao amin'izay ny tena antony nividianan'ny tompo lafo antsika tamin'ny hazo fijaliana tao Kalvary.

Maro ny olona hitanay no tsy nahafantatra akory ny antony nahatongavany tany amin'y helo. Nandritry ny fahavelomany izy ireo dia nanao zavatra izay tsy noheveriny ho ota.Diniho tsara ny tenanao ry namana! Aza mihevitra fa azo ekena ny mangalatra sy ny mandainga! Ota izany eo imason'ny Tompo! Ry rahalahy, mialà ka aza manao izany intsony! Ampitako aminao izany hafatra izany mba tsy hahatonga anao hinia manota eo imason'Andriamanitra.

---

# --- (Fijoroana fahaenina) ---

salamo 62:12 " *Ary Anao koa, ry Tompo ô, ny famindram-po, fa Hianao no mamaly ny olona rehetra araka ny asany avy*."

Indray maraina izay, raha namangy anay ny Tompo dia nandray ny tanànay ka nanomboka nidina izahay.Feno tahotra tsy hay lazaina ny foko tamin'io.Fantatro fotsiny fa tsy mahazo mandao ny tànan'ny mpamonjiko aho.Tsapako fa i Jesosy no fahazavako sy fiainako, ary ao aminy ny fanantenako rehetra.Raha tsy noho izy dia ho navela tao amin'io toerana io aho.Tsy nihevitra ny ho any amin'io toerana io mihitsy aho.Tsy ninoako akory aza taloha ny fisiany.Kristiana aho nefa nihevitra foana fa ny afo fandiovana ihany no helo, nefa Andriamanitra naneho ahy ny zava-misy marina.

Rehefa tonga tany dia reko nihorohoro tanteraka ny helo sady nitsoaka avokoa ireo devoly satria tsy misy mahazaka ny fanatrehan'Andriamanitra.Renay nihamafy ny kiakiak'ireo voafonja, fantany mantsy fa tao i Jesosy avy any Nazareta.Fantany fa izy irery ihany no afaka hamonjy azy ireo. Mbola maanantena izy ireo na dia fantany aza fa tsy misy azo atao intsony.

***Niara-dia tamin'i Jesosy izahay ka tonga tamin'ny faritra nisy ireo mpijangajanga. Nihodina i Jesosy ka nahita vehivavy iray rakotra afo. Rehefa hitan'i Jesosy izy dia nanomboka nivoaka tsikelikely avy tao anaty afo nefa tsy nihena ny fijaliany.Niboridana tanteraka izy ary hitanay ny toe-tenany.Naloto sady maimbo ny vatany. Nikorontana ny volony ary feno fotaka mavo ny tenany.Tsy nisy maso intsony izy ary nihintsana tsikelikely ny molony.Lava-tsofina fotsiny no teny aminy fa tsy nisy raviny intsony. Alainy amin'ny taolan-tanany efa kila sy may ireo nofotra miraraka avy amin'ny tarehiny ka averiny nefa vao maika izany nampitondra fangirifiriana ho azy.***

Ary nangovitra izy sady nihorakoraka tsy misy farany.Rakotra kankana ny vatany ary nisy

bibilava matevina sady feno tsilo nihodidina ny sandriny.Misy marika 666 (ny mariky ny bibidia araka izay voasoratra ao amin'ny bokin'ny apokalypsy) ny tenan'io vehivavy io. (Apokalypsy 4:9-11). Misy takelaka vita amin'ny metaly tsy fantatra koa eo amin'ny tratrany izay misy soratra amin'ny fiteny hafa, azonay tsara nefa ny voasoratra izay mivaky toy izao: "**Aty aho noho ny fijangajangana**."

Rehefa nahita azy i jesosy dia nanontany hoe: " ***Elena, Nahoana ianao no aty?***" Niolana noho ny hirifiriny izy raha namaly ny Tompo.  Any izy, hoy izy, noho ny fijangajangàna, Izy amin'izany tsy mitsahatra mangata-pamelàna amin'ny Tompo.

Ary nanomboka nahita fahitana ny amin'ny nahafatesany izahay.Niray tamin'ny 1 amin'ireo sipany izy.Noheveriny ho nandeha lavitra ilay lehilahy miara-mipetraka aminy.Kinanjo, niverina avy niasa izy ka nahita an-dravehivavy teo am-pandriana miaraka amin'olon-kafa.Rehefa izany dia nankany an-dakozia izy, nandray antsibe, ary natsindrony làlina tao andamosin'I Elena.Nentina tany amin'ny helo izy miboridana toa azy talohan'ny nahafatesany.

Tena izy avokoa ny zava-drehetra any amin'ny helo.Mbola ao an-damosiny ilay antsibe ka mampanaintaina azy fatratra. 7 taona no efa nahatany amin'ny helo azy ary tsaroany avokoa ny fiainany sy ny nahafatesany. Tsaroany ny fotoana nitorian'olona taminy an'i jesosy izay hany mpamonjy tokana.Nefa efa tara loatra ho azy sy ireo hafa rehetra efa any amin'ny helo.

Miresaka betsaka ny amin'ny fijangajangana ny tenin'Andriamanitra ary mazava tsara ny ambarany. Ny atao hoe mijangajanga dia ny manao firaisana ara-nofo ivelan'ny mariazy. 1 korintiana 6:13 " *Ny hanina dia ho an'ny kibo, ary ny kibo ho an'ny hanina; nefa samy holevonin'Andriamanitra izy roroa. Fa ny tena kosa dia tsy ho an'ny fijangajangana, fa ho an'ny Tompo, ary ny Tompo ho an'ny tena*." Sy ao amin'ny 1 korintiana 6:18 «Mandosira *ny fijangajangana. Izay fahotana rehetra ataon'ny olona dia eny ivelan'ny tena ihany; fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin'ny tenany.* "

Rehefa avy niresaka taminy i Jesosy dia rakotra lelafo matevimbe izy ka tsy hitanay intsony, mbola renay kosa nefa ny firehitry ny nofony sy ny antsoantsony izay tsy ho haiko lazaina amin'ny teny. Rehefa nanohy ny dianay izahay dia natoron'ny Tompo anay ireo olon-drehetra tany: Ny mpanompo sampy, Ny mpanao mazia, ireo tsy mihevitra ny ara-moraly, ny mpijangajanga sy ny sôdômita.Natahotra mafy izahay ka te-hiala tamin'io toerana io, nefa ny Tompo nanantitrantitra hatrany fa ilainay ny mahita azy mba hitantaranay amin'ny olona hinoan'izy ireo.

*Niaraka tamin'i Jesosy ihany izahay noho izany saingy kosa nihazona mafy ny tànany. Ary tonga tamin-toerana iray nanaitra ahy manokana aho. Indro zatovolahy 23 taona mihantona hatreo amin'ny valahany eo afovoan'ny afo.Tsy hitanay ny tena fampijaliana azy fa fotsiny misy marika 666 ny tenany.Misy takela-by koa eo amin'ny tratrany izay mivaky hoe: "Aty aho satria **tsy maninona**" Rehefa nahita an'i Jesosy izy dia nanatsotra ny tànany sady niangavy mafy famindram-po taminy. Hoy ny Teny ao amin'ny ohabolana 14:12 " Misy làlana ataon'ny olona ho mahitsy, kanjo làlana mivarina any amin'ny fahafatesana no iafarany."*

*Rehefa novakianay ilay takelaka misoratra hoe "**aty aho satria tsy maninona**" Dia nanontany ny Tompo izahay hoe:  "*Fa nahoana tompoko no misy tonga aty noho izany antony izany?*"*
Ary nanontany azy i Jesosy hoe:  "***Andrew, Nahoana ianao no aty?***" Ary hoy ny navaliny:  "*Fony izaho teny an-tany dia nihevitra fa ny halatra sy ny vonoolona ihany no fahotana. Izay no tsy niezahako nanakaiky anao.*" Toy izao ny voasoratra ao amin'ny Salamo 9:17  " *Hiverina ho any amin'ny fiainan-tsi-hita ny ratsy fanahy, dia ny jentilisa rehetra izay manadino an'Andriamanitra*
Fahadisoana goavambe no nataon'i andrew nanakilasy fahotana toy izay ataon'ny olona maro

ankehitriny.Mazava tsara ny nambaran'ny baiboly raha milaza hoe: « Fa fahafatesana no tambin'ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika." (Romana 6:23)

Ankoatr'izay, ny baiboly rehefa miresaka momba ny fahotana dia tsy misy ambarany ho ota mavesatra na maivana satria samy ota avokoa izy rehetra. Afaka nahafantatrasy nandray an'i Jesosy tokoa i Andrew saingy tsy nanao izany mihitsy. Angamba izy nanana ny fotoana tsara indrindra afaka hahafantarany an'i Jesosy nefa tsy nohararaotiny mihitsy, izay no mahatonga azy any. Rehefa izany dia norakofan'ny afo matevina izy ka tsy hitanay intsony.



Nandroso hatrany izahay sy ny Tompo.Avy teny lavidavitra teny izahay dia nahita zavatra toy ny fitaovana nilatsaka.Rehefa nanakaiky izahay dia hita fa hay olona milatsaka any amin'ny helo amin'ny fotoana rehetra, ireo olona vao maty tety an-tany izay tsy nampiditra an'I Jesosy tao am-pony.

Ary indro devoly marobe nihazakazaka nankeo amin-tovolahy iray nanomboka nandrotidrotika ny vatanyTeo noho eo dia rakotra kankana ny vatany. Nikiakiaka mafy izy: "tsia an! Fa inona izao?"
*« Ajanony! tsy te-ho eto amin'ity toerana ity intsony aho! Aoka izay! Nofy ratsy fotsiny izao! Esory eto amin'ity toerana ity aho!* "Tsy fantany akory fa maty izy, maty tsy nandray an'i Jesosy tao am-pony. Ny devoly amin'izany maneso sady tsy mitsahatra mampijaly azy. Ary indro nisy marika 666 teo amin'ny handriny sy takela-by teo amin'ny tratrany. Na dia tsy tena fantatray aza ny antony nahatonga azy any amin'ny helo dia azonay antoka kosa fa tsy hiala tany intsony izy na oviana na oviana.

Nohazavain'ny Tompo taminay fa mbola ho henjana noho izao ny fampahoriana azy ireo aorian'ny fitsarana farany. Efa hitako ho mafy dia mafy ny fampijaliana azy ireo ankehitriny, tsy mety voavinaniko mihitsy ny fijaliany izay hho mafy kokoa aorian'ny fitsarana farany.

Izahay aloha tsy nahita ankizy tany, fa kosa nahita tanora aminarivorivony maro, sy lehilahy sy vehivavy avy amim-pirenen-tsamihafa. Na izany aza, any amin'ny helo tsy misy intsony fiaviana na fari-piainana. Hampijaliana sy hosaziana no ahatongavana any. Zavatra iray loha ihany no irian'izy rehetra, dia ny mba hahafahana mivoaka tany na iray segondra monja aza. Maniry ko aizy ireo piti-drano kely mba hampangatsiatsiaka ny lelany, toy ny tantaran'ilay mpanefoefo tao amin'ny baiboly (Lioka 16:19). Nefa tsy misy hevitra intsony, efa nifidy ny mandrakizainy izy, nifidy hiaina izany tsy misy an'Andriamanitra. Tsy mandefa olona ho any amin'ny helo mihitsy Andriamanitra fa ny ataony no mahalasa azy any. Hoy ny Galatiana 6:7 "Aza mety hofitahina hianareo; fa izay afafin'ny olona no hojinjainy."
Izao anio izao ianao mbola afaka mifidy izay hiafaranao mandrakizay. Mbola azonao hatonina tsara i Jesosy, milaza mantsy ny baiboly far aha mbola velona isika dia mbola manam-panantenana. Mbola velona ianao izao, aza avela handalo fotsiny izao fotoana izao, 'ndrao ity no antso farany.
**Hitahy anareo anie Andriamanitra.**
**translated into Malagasy by Hery Rasolofoarinivo**